# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Oktobra 2018

# 28 Alahady oktobra

**Minoa an’i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao.** Asan’ny Apostoly 16. 31

**Fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an’i Jehovah izahay.** Josoa 24. 15

## Finoana kristiana irina hananana

Taranaka vaovao no mipoitra ankehitriny : tanora, zatovo, ankizy, zaza. Izy ireo dia tonga ao anaty tontolo miha manalavitra an’Amanitra sy ny soatoavina notorin’i Kristy. Fitiavan-tena, fahavetavetana, lainga, fankahalana, herisetra no manjaka ao anaty fiarahamonina, ary samy ao ny tsy fananana asa, fahantrana, fitiavam-pahafinaretana tafahoatra isan-karazany, ary tsy fitovian-tsaranga mihoapampana. Izany rehetra izany no misy, dia satria miha miala amin’ny fanajana an’Andriamanitra sy ny fampianaran’ny Baiboly ny olona. Hatao hahakivy ve izany ? Tsia ! Mahari-po Andriamanitra, ka mbola mampiseho ihany anio, amin’ireo tanora sy ankizy ireo, ny drafitra famonjena nomaniny, mba hanafahany sy hiarovany koa ireo izay maniry hiaina miaraka amin’Ilay Tompony, na irery na miaraka amin’ny ankohonany. Ry olon-dehibe, ry ray aman-dreny, ahoana no hahafahana manampy azy ireo ?

— Aoka isika handinika ny fiainantsika. Isika ve mba manana harena ara-panahy hozaraina ? Raha ny Tenin’Andriamanitra mantsy no manentana ny saintsika, dia ny fitiavana an’i Kristy sy ny fahamarinana no hibaiko ny ataontsika. Ho tonga ohatra ho an’ny tanora ny fiainantsika, hahatonga azy ireo ho liana hahafantatra ny Baiboly sy hanaraka an’i Jesosy, Ilay Mpiandry tsara.

— Aoka homentsika an’i Jesosy ny toerana voalohany eo amin’ny tokantranontsika, mba hahatonga izany ho toerana feno fitiavana sy anekena ny fahefany, ary amakiana sy iainana isanandro ny Tenin’Andriamanitra.

— Aoka ny vavaka no ho rivotra iainantsika. Tsara ny miresaka ny Tompo amin’ireo zanatsika ; fa tena ilaina toy izany koa ny miresaka ireo zanatsika amin’ny Tompo.

— Aoka ihany koa homentsika ho an’ny Tompo ny toerana voalohany, ka hivory manodidina Azy isika ny alahady.

— Aoka hokolokolointsika ny fitiavana ny namana, ary aoka hataontsika izay rehetra azo atao mba hahitan’ireo zanatsika fotoana hanompoana ny Tompo.